**Mampiaka-peo**
Raha manana fanahiana na miahiahy ianao fa nisy fandikana ny lalàna, ny Fitsipi-pitondrantena na Fitsipi-pifehezana ny Mpamatsy ampiharinay, dia tianay hampiaka-peo ianao.

Ny tanjonay dia ny hampirisika ny olona hiteny an-kalalahana ary hanohana an'izay manambara ahiahy izahay, na dia diso fihevitra aza izy avy eo.

Ny Fitsipi-pitondrantena sy ny Fitsipi-pifehezana ny Mpamatsy ampiharinay dia amin'ny intranet ao amin'ny: www.imperialbrandsplc.com. Azonao alefa mailaka amin'ny Governance.Team@impbrands.com ny fanontanianao

**Misy fomba maro azonao ampiakaram-peo:**

**1. Mampiaka-peo eto an-toerana**
Raha tsy mampaninona anao ny manao an'izany, dia tokony hanambara ny ahiahinao amin'ny mpitantana DRH-nareo na amin'ny ekipa DRH-nareo eto an-toerana ianao.

**2. Mampiaka-peo amin'ny vondrona**
Raha tsy mampahazo aina anao ny manambara ny ahiahinao amin'ny mpiara-miasa iray eto an-toerana, na raha nampiaka-peo teto an-toerana ianao ary mino fa tsy ampy ny valiny eto an-toerana, dia mampirisika anao handefa tatitra amin'ny alalan'ilay Rafitra Fandefasan-tatitra Tsiambaratelo mandeha ho azy izahay. Io dia rafitra iray azo antoka, mora idirana sy mora ampiasaina izay hahazoana antoka fa ampitaina haingana mankany amin'ny olona andefasana azy ilay tatitrao. Azo alefa amin'ny fomba tsy itononana anarana ilay tatitrao raha izay no tianao kokoa.

Afaka miditra amin'ilay rafitra avy amin'ny solosainao na fitaovan-tserasera findainao amin'ny alalan'ny fitsidihana ny https://imperialbrands.whistleblowernetwork.net ianao. Na afaka manao scan an'ilay kaody QR etsy ambany amin'ny alalan'ny fakantsarin'ny fitaovan-tseraseranao ianao:

Raha vantany vao ao anatin'ilay rafitra ianao, dia afaka manome tatitra an-tsoratra iray na mandrakitra hafatra am-peo iray (tsy raisina an-tanana amin'ny iOS amin'izao) ary afaka manapaingotra tahirinkevitra, sary na horonantsary ihany koa iana hanohanana ny tatitrao raha izay no irinao. Raha misafidy hamela hafatra am-peo ianao, dia hafenina amin'ny fomba nomerika ny feonao mba hiarovana ny fiizianao raha toa ka aleonao kokoa mijanona ho tsy mitonona anarana.

Raha tianao kokoa, any amin'ny firenena sasany, dia azonao atao ihany koa ny miantso ny laharana maimaimpoana sy manaraka an'ireo torolalana mandeha ho azy hamelana ny hafatrao. Afaka mahazo lisitr'ireo firenena sy laharana eto ianao. Ampidiro fotsiny ilay kaody 25492 rehefa asaina ampidirinao.

N'inona n'inona safidy fidinao, dia hasaina mamorona Secure Postbox (boaty paositaly azo antoka) iray ianao, io dia hanome anay fomba azo antoka sy mahomby hifaneraserana aminao amin'ny alalan'ilay rafitra sy hanomezana domberina anao.

**Ny Toky omenay anao**
Araka izay tratra, dia hitana ny anaranao tsy ho voatonona sy hitana an'ireo ahiahinao ho tsiambaratelo izahay. Saingy, mba hanatontosana famotopotorana araka ny tokony ho izy, dia mety mila aboraka ny torohay sasany.
Mahazo misafidy ny hanambara ny ahiahinao amin'ny fomba tsy itononana anarana ianao, raha toa ka eken'ny lalànan'ilay firenena iasanao izany.

Tsy leferinay ny valifaty atao amin'ny olona iray mampiaka-peo na manampy amin'ny famotopotorana iray.

Novambra 2020

Nohavaozina tamin'ny Janoary 2024